FANAMBARANA

Izahay, VONDRONA KRISTIANA, izay resy lahatra fa ny olom-pirenena nandray ny famonjen'i Jesoa Kristy dia manana anjara amin'ny fanavotana ny fireneny. Koa manoloana ny fotoan-tsarotra diavin'ny firenena Malagasy, mahita sy mahatsapa izahay fa :

1- ***Mijaly ny vahoaka*** : efa tafahoatra loatra ny fampahantrana. Milentika ao anatin'ny fahasahiranana ny tokatrano maro. Tsy mahazo vaovao feno sy marina intsony ny vahoaka ka miaina ao anatin'ny tebiteby sy tahotra ary fanahiana lava. Mandry andriran'antsy ny madinika.

2- ***Potika ny firenena*** : efa ripaka ny harem-pirenena. Rava ny fihavanana Malagasy. Tsy misy intsony ny fifampitokisana. Eo am-pelatànan'olom-bitsy mpiaro tombotsoa ny firenena.

3- ***Voalelingelina ny Fiangonana*** : efa norobaina ny fananany, efa nohosoram-potaka sy nokasihin-tànana ary nohenjehina sy nogadraina toy ny fanao amin'ny jiolahy mihitsy ireo mpiandry ny ondrin' Andriamanitra. Bahanana sy rahonana amin'ny fomba rehetra mba tsy ahafahany manatanteraka ny baikon'ny Tompo ho an'ny firenena ny Fiangonana. Ireo mpitondra fivavahana mpiray petsapetsa amin'ny mpitondra ankehitriny kosa dia tsy te-hahalala intsony ny manjo ny ondrin'Andriamanitra.

4- ***Voaenjika izay tsy mitovy hevitra*** : izay tsy mahazaka ny mijery ny loza hanjo ny fireneny ka miteny ny tsy mety ary manoro izay tokony hatao dia tampenam-bava amin'ny fomba rehetra. Raha tsy izay dia amoronana taratasy ho fiampangana azy dia lazaina fa mpanakorontana.

Dia tanteraka ara-bakiteny ny fitenenana hoe : "tongo-bakivaky ka sady maharary no mahamenatra".

Mazava izany izao fa tsy avy amin'Andriamanitra no tsy sitrapon'Andriamanitra velively izao toeram-pahantrana ilentehantsika sy ilomanosantsika izao.

INONA NY ANTONY MAHATONGA IZANY ?

- Minia miziriziry amin'ny fitondrana samirery ary mibahan-toerana noho ny fitiavan-tena ny HAT.
- Diso tafahoatra loatra ny fitiavan-tsezan'ireo mpilalao politika.
- Tsy mijoro amin'ny "ho an'ny tanindrazana" intsony ny foloalindahy.
- Ny fitsarana lasa fanjakan'ny matanjaka fa tsy fialofan'ny malemy. Voabaikon'ny HAT ny mpitsara.
- Mihevitena ho "manana ny marina sy tompon'ny hitsiny" amin'ny fanavotam-pirenena ny HAT, ka ny fankahalana sy ny valifaty no mameno sy manjaka ao am-pony.
- Tsy miaina ny batemy na batisa noraisiny intsony ireo kristiana manana andraikitra ankehitriny.

INONA ARY NO ANTENAINA ?

- Hoy ny Soratra Masina: "*fa tsy hisy fanantenana ho an'ny ratsy*" Ohab.24:20. Izao no lazain'ny Tompo : "*ho voaozona izay olona matoky olona*" Jer.17:5.
- Hoy ihany koa ny Soratra Masina : "*dia misy fanantenana ho an'ny reraka*" Job.5:16. Noho izany, "*manantenà ny Tompo ry Malagasy, fa eo amin'ny Tompo no misy famindram-po sy fanavotana be*" Sal.130:7. Ry Malagasy ô, *manantenà ny Tompo hatramin'izao ka ho mandrakizay*" Sal.131:3.
- Araka izany, tsy misy azontsika antenaina afa-tsy izay ambaran'Andriamanitra amintsika ao amin'ny Boky Masina. Hamonjy ny firenentsika Andriamanitra, fa mila olona Izy hiara-miasa aminy. Tsy ny fahavalon'ny Fiangonana anefa no ilainy. Satria tsy mba avy amin'Andriamanitra mihitsy izay mandroba ny Fiangonany. "*Fa tsy sitrany ny mampahory na mampalahelo ny zanak'olombelona*" Fitoman.3:33.
- Tsy an'ny mpanao politika irery ny firenena. Antsika jiaby io! Isika kristiana ihany koa tsy baikon'ny mpanao politika fa baikon'ny tenin'Andriamanitra. Tsy ny mitondra am-bavaka ihany mantsy no anjarantsika kristiana fa ny mirotsaka antsehatra sy mandray andraikitra mihitsy. "*Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-drà fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao*" Efes.6:12. Hoy ny baiko avy amin'ny apostoly: "*tohero izy*" I Pet.5:9. Izany hoe: "*Aza manome fitoerana ho an'ny devoly*" Efes.4:27.

Rehefa isika kristiana no resy lahatra fa mahavonjy ny firenentsika Andriamanitra Rain'i Jesoa Kristy dia MITSANGANA – MATOKIA – MAHEREZA – MAHARETA fa "*ny herin'Andriamanitra dia tanterahina amin'ny fahalemena*" (jereo II Kor.12:9). Koa Andriamanitra no herintsika sy fanantenantsika.

"*Koa amin'izany, satria manana izany fanantenana izany izahay, dia sahy tokoa*" II Kor.3:12

"H*atoky hianao, satria misy fanantenana*" Job.11:18

HAFATRA : "Diniho izay lazaiko, fa homen'ny Tompo fahazavan-tsaina ny amin'ny zavatra rehetra ianao" II Tim.2: 7.

TSIPI-TENY FOHY

♥ **Mpitondra ankehitriny** : ampy izay 18 vola niraparapana tao anatin'ny aizina izay. Ampy izay ny tebiteby sy korontana niainana izay. Ampy izay, ampy fa aza ampiana intsony! Raha mbola te hanohy ny tetezamita tsy mitondra afatsy fankahalana, fifandirana, ady lahy, fiavonavonana ianareo dia ambaranay fa tsy tia tanindrazana ianareo fa ny tenanareo sy ny tombotsoanareo ihany no fantatrareo. Tsy ny fanamboarana fotodrafitr'asa aloha no mahamaika ny Malagasy izao (efa be ny vitan'ny teo aloha ny amin'izany) fa ny fiainany tsaratsara, ny sakafony, ny fitafiany, fianaran-janany, ny filaminana, ny fifankatiavana, tsy mila vali-faty, tsy mila romoromo. Mitaky izahay VONDRONA KRISTIANA :

- Omeo fahafahana ny voafonja noho ny hevitra tsy mitovy. Hajao ny zon'olombelona.
- Sokafy ny Radio Fahazavana sy ny kianjan'ny demokrasia Ambohijatovo
- Sokafy ho an'ny sokajin'olona rehetra ny TVM sy ny RNM.
- Hajao ny fifanekena natao fa aza miovaova fa izany no atao hoe olona mahatoky, azo itokisana.

Nampilendalenda be anay ilay teny hoe: *vahaolan'ny samy Malagasy.* Nefa vahaolan'ny Malagasy mpitady seza no hitanay teny Vontovorona.

♥ **Momba ny fihaonambem-pirenena** ao Ivato. Fahafiry amin'izay fihaonana natao tao amin'io toerana io moa izao atao izao? Fihaonana tsy nahitam-bokatra avokoa izany. Aminay io fihaonambem-pirenena io dia toy ny volan-kakafotra ihany, omaly tsy miova. Ny volam-bahoaka no lany, ny fotoana very, ny mpanatrika tsy miova. Ny andrasanay Vondrona Kristiana dia ny fiarahana mametraka fitoniana aloha, vao miroso amin'ny vahaolan'ny samy Malagasy izay mitondra mankany amin'ny

TETEZAMITA TENA IZY – TETEZAMITA IARAHA-MITANTANA – TETEZAMITA EKEN'IZAO TONTOLO IZAO – TETEZAMITA LAVITRY NY FIFANILIHANA SY FIFANKAHALANA – TETEZAMITA ANJAKAN'NY FIFAMELANA.

♥ **ANTSO** :

❖ Mampahery ny Filoham-piangonana FFKM. Na dia mafy aza ny manjo anay zanakareo dia tsy hadinonay ny mivavaka ho anareo isan'andro. Ianareo mantsy no tena raiamandreny sady solotenan' Andriamanitra. Miandry anareo ny firenena. Vonona hifanome-tànana aminareo izahay.

❖ Mampahery ny CNOSC izahay, saonjo iray lohasaha e tsy ilaozan'izay mamarara. Mivavaka ho anareo koa izahay. Aza manaiky ho voavidy vola. Aza matahotra fandrahonana. Ny fijalian'ireo mpiray tanindrazana aminareo no jerena. Ankino amin'Andriamanitra ny asanareo.

❖ Mampahery ny kristiana namana. Mivavaka izahay mba ho kristiana mandray an-tànana ny ho avin'ny firenena isika. Aoka hivondrona hifanome tànana isika. Fa ny firaisankina no hery. Izay mitambatra vato. Olom-pirenena manam-pahendrena isika kristiana: tsy mandainga, tsy mamitaka, tsy mandroba, tsy lian'ady, tsy mivadibadika. Tsarovy ny tenin'i Jesoa hoe : "*Hianareo no fanasin' ny tany, fa raha ny fanasina no tonga matsatso, inona indray no hahasira azy*" Mat.5:13.

Koa MITSANGANA – MOJOROA – RAISO NY ANDRAIKITRA TANDRIFY ANAO. " *fa avy aminao no hitahiana ny firenena*" Gen.12:3. Hoy isika hoe: hanao ahoana re no hahatanteraka izany? Dia hoy ny anjely amintsika hoe: "*ny Fanahy Masina ho tonga ao aminao* " Lio.1:34-35. Ny herim-panahintsika Malagasy no ilaina. Aza mety ho resin'ny fanahiana sy ny tahotra ary ny fahakiviana. Ny ho avin'ny taranakao no tadiavin'ny olom-bitsy ho potehina. Aza manaiky hofitahina amin'ny lainga tsara lahatra. Aza manaiky lembenana amin'ny fitiavanao ny tanindrazanao. Mitenena tahaka an'i Nabota hoe: "*fa tsy homeko anao ny tanindrazako*" I Mpan.21:3.

Tsarovy fa raha mbola manaiky ny tsy marina, ny tsy rariny misy eto amin'ny firenena isika dia ho andevo mandrakizay ny taranatsika. Ho sanatria anie izany !!! Koa AZA MATAHOTRA ! TADIDIO FA TSY MISY ANJARA-TOERAN'NY KANOSA AO AMIN'NY FANJAKAN'ANDRIAMANITRA. "*Mahereza ary, ka aoka hitomban-dahy isika ho an'ny firenentsika*" II Sam.10:12

Hoy i Paoly Apostoly: "miteny toy ny amin'ny olo-manan-tsaina aho; heveronareo izay lazaiko" I Kor.10:15.

HAFATRA FARANY : Zarao amin'ny kristiana isam-piangonana ity fanambarana ity.
Dia ento am-bavaka ny fihaonantsika tsy ho ela.

NY VONDRONA KRISTIANA

15 Sept 2010